Nataon'i Elaine S. Dalton
Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany

Tsarovy hoe Iza Ianareo!

Tsy misy zavatra tsara jerena hafa mihoatra noho ny fahitana zatovovavy iray izay mamirapiratra miaraka amin'ny fahazavan'ny Fanahy sy mahatoky ary sahy satria masina izy.

Zanakavavin'ny Raintsika any andanitra *isika*. Tia antsika Izy ary tia Azy isika.[1] Amim-panetrentena sy amim-pankasitrahana no iarahako aminareo. Ny Tompo dia nanome ahy fahatakarana tena mazava momba ny hoe iza ianareo ary nahoana ianareo no eto an-tany amin'izao fotoana izao. Tia anareo ny Tompo ary fantatro fa tianareo Izy. Izany dia hita eo amin' ny endrikareo sy ny fahamaotinanareo ary ny fanirianareo hifidy ny tsara sy ny fanoloran-tenanareo hitoetra ho masina sy madio.

Niara-niaina fotoana ara-panahy izay nahafinaritra isika. Nijoro ho vavolombelona isika tany am-pilasiana nanodidina ny afon-dasy ary tany ampiangonana sy tany amin'ny takariva amorom-patana. Nafanain'ny afon'ny finoana isika. Nihanika tendrombohitra isika ary namelatra faneva mivolombolamena—tany Brésil ka hatrany Bountiful—izay mampiseho ny fanoloran-tenantsika lalina ao am-pontsika mba hitoetra ho masina sy ho mendrika lalandava ny hiditra ny tempoly. Nivavaka isika, namaky ny Bokin'i Môrmôna sy nitsiky isan'andro ary manao ny asa ao amin'ny Fivoaran'ny Tena Manokana (Mon Progrès Personnel) nomena antsika miaraka amin'ny renintsika sy ny renibentsika ary ny mpitarika antsika. Ary vao manomboka isika izao!

Fotoana tena tsara iainana eto antany izao ary tena tsara amin'ny mahazatovovavy. Tsy mbola miova hatramin'izao ny tanjontsika. Dia ny ho mendrika ny hanao ireo fanekempihavanana masina sy hitandrina izany ary handray ireo ôrdônansin'ny tempoly. Izany no tanjontsika ambony indrindra! Ary noho izany dia hanohy hitarika an'izao tontolo izao hiverina any amin'ny fahamasinana isika—ny fiverenana amin'ny fahadiovam-pitondrantena sy fahadiovan'ny saina amam-panahy. Hanohy hanao izay vitantsika isika hifanampiana mba "hitsangana eo amin'ny toerana masina"[2] ary handray sy hamantatra ary hiantehitra amin'ny Fanahy Masina.

Hanohy hiresaka an'i Kristy isika sy hifaly Aminy, mba hahafantaran'ny tsirairay amintsika ilay loharano azontsika andrandraina ho famelana ny fahotantsika.[3] Ary eny, hanohy hijoro ho mafy orina isika na manao ahoana na manao ahoana ny hasiakan'ny orambaratra manodidina antsika satria isika dia mahafantatra sy mijoro ho vavolombelona fa "eo amin'ny vatolampin' ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy anorenan[tsika] ny fototra iorenan[tsika] . . . , fototra izay tsy ahafahan[tsika] mianjera raha miorina eo amboniny [isika]."[4]

Ny torohevitry ny Tompo ho an'i Josoa no torohevitra ho anareo ankehitriny, izay "tanora manana zompizokiana ambony."[5] "Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadipo, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao."[6] Tsy irery ianao! Na dia mety ianao irery aza no Olomasin'ny Andro Farany ao an-tsekolinao na ao anatin'ny vondron'ny namanao na ao anatin'ny fianakavianao mihitsy aza, dia tsy irery ianao. Afaka miantehitra amin'ny herin'ny Tompo ianao. Hoy i Josoa tamin'i Isiraelita hoe: "Manamasina ny tenanareo: fa rahampitso dia hanao fahagagana eo aminareo Jehovah."[7] Izany no antso nataon'i Josoa mba hiverina any amin'ny fahamasinana ary mbola izany ihany no antso atao ankehitriny. Tsy afaka manao tsotra fotsiny izao ny asa izay natokana ho antsika sy nomanina mba hataontsika isika raha toa ka tsy manana ny hery sy ny fahatokiana avy amin'ny fananana fiainana feno fahamasinana.

Zatovovavy manam-pinoana lehibe ianareo. Nentinareo niaraka taminareo tety an-tany ny finoanareo rehefa tonga tety an-tany ianareo. Nampianatra i Almà fa tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana dia nampiseho "finoana fatratra sy asa soa"[8] ianareo. Nitolona tamin'ny finoanareo sy ny fijoroanareo ho vavolombelona ianareo mba hiarovana ilay drafitra

nasehon'Andriamanitra. Fantatrareo fa tsara ilay drafitra ary ilay Mpamonjy dia hanao ny zavatra nolazainy fa hataony—satria fantatrareo Izy! Niaranijoro Taminy ianareo ary efa tsindrindaona hahazo ilay fahafahanareo ho tonga ety an-tany. Fantatrareo ny zavatra handeha hotakiana aminareo. Fantatrareo fa ho sarotra izany saingy nahatoky ianareo fa tsy hoe afaka ny hahatanteraka ny asa masina nanirahana anareo fotsiny fa koa afaka ny hitondra fanovana. Ianareo dia "fanahy nofinidy hafa izay notanana ho fiandry mba hivoaka amin'ny fotoampahafenoana handray anjara amin'ny fandatsahana ny fototry ny asa lehiben'ny andro farany, ka anisan'izany ny fanorenana tempoly sy ny fanatontosana ireo ôrdônansy ao amin'izy ireny."[9]

Ary ankehitriny dia eto ianareo mba hanao izay zavatra nomanina sy nanomanana anareo mba hataonareo. Rehefa mijery anareo aho izao hariva izao dia manontany tena raha toa ka tsy toa anareo izao mihitsy ireo tovovavy sakaizan'ireo zatovo miaramila roa arivon'i Helamàna! Tsy mahagaga raha toa ka nampitomboan'i Satana ny hamafin'ny fanafihany ny maha izy azy anareo sy ny fahamasinanareo. Raha toa ianareo ka manaiky ny ho ketraka, na kivy, na varimbariana na hihemotra na hiala eo amin'ny firotsahana ho mendrika ny fitarihan'ny Fanahy Masina na ho mendrika ny hiditra ny trano masin'ny Tompo, dia mandresy izy.

Ry zatovovavin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, tsarovy hoe iza ianareo! Olona voafidy ianareo. Zanakavavin'Andriamanitra ianareo. Tsy tokony ho taranaky ny zatovovavy izay hionona fotsiny amin'ny hoe "efa manana ny toerany tsara" ianareo. Tsy maintsy manana fahasahiana hiavaka ianareo, "hitsangana ary hamirapiratra mba hahatonga ny fahazavana[reo] ho faneva ho an'ireo firenena."[10] Teren'izao tontolo izao ianareo hino hoe tsy misy dikany ianareo—fa ilaozan'ny toetr'andro ary tsy maharaka na inona na inona. Izao tontolo izao dia miantso anareo amin' ny feo tsy mitsahatra sy mafy mba "hanao izay mahafalifaly anareo," "hanandrana ny zava-drehetra," "hanandrankandrana zavatra dia hifaly."

Mifanohitra amin'izany kosa anefa ny an'ny Fanahy Masina izay mibitsika amintsika sy ny an'ny Tompo izay manasa antsika mba "handeha amin'ny lalan'ny hatsaran-toetra," "hahafoy ny zavatr'izao tontolo izao ary hifikitra amin'ny fanekempihavanana izay efa natao[nareo]."[11]

Tiako foana ny tantaran'ny zanakalahin'ny Mpanjakan'i Frantsa Louis XVI satria nanana fahalalana tsy azo nohozongozonina mikasika ny tenany izy. Fony izy zatovolahy dia nalain'ireo olon-dratsy an-keriny izy, olon-dratsy nanongana an-drainy, izay Mpanjaka. Fantatr'ireo lehilahy ireo fa raha afaka manimba ny toe-tsaina amampanahiny izy ireo dia tsy handova ny fanjakana izy. Tao anatin'ny enim-bolana dia namporisihan'izy ireo hiaina ny zavatra ratsy azon'ny fiainana atolotra izy kanefa dia tsy nanaiky velively ny famporisihana izy. Nahatalanjona ireto mpaka an-keriny izany ary rehefa nanao ny zavatra rehetra azony noeritreretina izy ireo dia nanontany azy ny antony nananany herim-panahy lehibe toy izany. Tsotra ny valinteniny. Hoy izy hoe: "Tsy afaka manao ny zavatra angatahinareo aho satria nateraka ho mpanjaka aho."[12]

Toa an'io zanaky ny mpanjaka io dia nandova zom-pizokiana ambony ianareo. Manana lova masina ianareo tsirairay avy. "Tena zanakavavy manamboninahitry ny Raintsika any an-danitra ianareo."[13] Nateraka mba ho mpanjakavavy ianareo tsirairay.

Fony aho nianatra tao amin'ny Oniversite Brigham Young, dia nianatra ny tena dikan'ny hoe mpanjakavavy aho. Nomena fahafahana tsy manam-paharoa mba hihaona amin'ny mpaminany, Filoha David O. McKay, izaho sy ny vondrona kely nisy mpianatra hafa. Nasaina nanao ny akanjoko tsara indrindra aho ary nasaina hivonona handeha hanao dia miala aloha be mankany Huntsville, Utah, any antranon'ny mpaminany, ny ampitson'izany. Tsy hohadinoiko velively ny zavatra niainako tamin'izay. Raha vao niditra ilay trano aho dia nahatsapa ny fanahy izay nameno izany trano izany. Nipetraka tao amin'ny trano fandraisam-bahinin'ny mpaminany izahay ary nanodidina azy. Nanao akanjo fotsy ny Filoha Mckay ary nipetraka teo akaikiny ny vadiny. Nangataka anay tsirairay izy mba handroso sy hilazalaza ny momba anay. Rehefa nandroso aho dia namaha ny tanany izy ary nitazona ny tanako, ary rehefa nilazalaza taminy momba ny fiainako sy ny fianakaviako aho, dia nijery lalina ny masoko izy.

Rehefa vita izany dia niverina niankina tamin'ny sezany izy ary nandray ny tanan'ny vadiny, dia nilaza hoe, "Ankehitriny ry zatovovavy dia tiako hahafantatra *ny mpanjakavaviko* ianareo." Nipetraka teo akaikiny ny vadiny, Emma Ray McKay. Na dia tsy nanao satroboninahitra misy diamondra mamirapiratra aza izy, na tsy nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana, dia fantatro fa *mpanjakavavy* marina izy. Ny volony fotsy no satroboninahiny ary ny masony madio dia namirapiratra toy ny firavaka. Rehefa niresaka momba ny fianakaviany sy fiainan'izy ireo ny

Filoha sy Rahavavy McKay, dia nanambara ny halehibehin'ny fifankatiavany ny tanan'izy roa nifamihina. Nibaliaka avy teny amin'ny endriny ny fifaliana. Hatsarana tsy azo vidiana ny an-Rahavavy McKay. Izany dia avy tamin'ireo taona maro nikatsahana ny fanomezam-pahasoavana tsara indrindra sy niasana mba ho lasa avarapianarana, ary nikatsahana fahalalana tamin'ny alalan'ny fianarana ary koa tamin'ny alalan'ny finoana. Izany dia avy tamin'ireo taona maro niasana mafy, niaretana tamim-pahatokiana ny fitsapana niaraka tamin'ny fieritreretana ny zava-drehetra ho tsara sy ny fahatokiana ary ny hery sy ny fahasahiana. Izany dia avy tamin'ilay fanoloran-tenany sy fahatokiany ho an'ny vadiny sy ny fianakaviany ary ho an'ny Tompo.

Tamin'izay andro iray tao anatin'ny fararano tany Huntsville, Utah izay, dia nampahatsiahivina ahy ny maha-izy azy ahy izay masina ary nianatra ny antsoiko ankehitriny hoe "hatsarana lalina" aho—ilay karazana hatsarana izay mamiratra avy ao *anaty* ary mivoaka ety ivelany. Karazana hatsarana izay tsy azo lokoina izany na foronin'ny mpandidy na vidiana. Karazana hatsarana izay tsy miala izany. Zavatra mahasarika *ara-panahy* izany. Miboiboika avy ao anatin'ny fahamasinana ny hatsarana lalina. Hatsarana avy amin'ny fahadiovam-pitondrantena sy toe-tsaina amam-panahy madio izany. Karazana hatsarana izay hitanao eny amin'ny mason'ireo vehivavy masina toy ny reninao sy renibenao izany. Hatsarana azo avy amin'ny finoana sy fibebahana ary fanajana ny fanekempihavanana izany.

Mametraka lanjany be loatra eo amin'ny hatsaran'ny vatana ety ivelany izao tontolo izao ary manao izay inoanareo fa tokony hanana ny bikan'ireo vehivavy mpanao akanjo lamaody izay tsy ho azon'ny olona rehetra ananana akory hita eny amin'ny fonon'ny gazetiboky ireny ianareo. Ny Tompo anefa dia hilaza aminareo fa samy manana ny hatsaran-tarehinareo manokana ianareo. Rehefa masina sy madio arapitondrantena sy manana toe-tsaina amam-panahy madio ianareo, dia hamirapiratra eny amin'ny masonareo sy ny tavanareo ny hatsarana any anatinareo. Ny raibeko mazana dia miteny hoe: "Rehefa miaina akaikin'Andriamanitra sy ny fahasoavany tsy manampetra ianao dia tsy ilaina lazaina izany fa miseho eny amin'ny tavanao."[14] Rehefa mendrika ny hanana ny Fanahy Masina ho namana lalandava ianareo dia hanana fahatokiana ianareo ary hamirapiratra tokoa ny hatsarana ao anatinareo. Ary dia "Aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy; dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan'Andriamanitra; ary . . . ny Fanahy Masina ho namanao lalandava."[15]

Nampianarina isika fa "ny fanomezan'ny Fanahy Masina . . . dia mampahavitrika ny toe-tsaintsika voajanahary, mampitombo sy mampivelatra ary manadio ny firehetampo sy ny fitiavana ara-boajanahary. . . . Mitondra fahamasinana, hatsaram-panahy, hatsarantoetra, halemem-panahy sy fiantrana izany. *Mampivelatra ny hatsaran'ny olona iray izany ary ny bikany sy ny endriny*."[16] Tena tsiambaratelon'ny hatsarana lehibe izany! Izany no hatsarana hitako tao amin'ny tranon'ny mpaminany. Tamin'izay andro izay aho dia nianatra fa ny hatsarana hitako teny amin-dRahavavy McKay no hany hatsarana tena manan-danja sy hany karazana hatsarana maharitra.

Nametraka fanontaniana manandanja iray tamintsika mba ho saintsainina i Almà: "Moa ve ny endriny efa nisoritra teo amin'ny tarehinareo?"[17]

Nisy vondron'ny zatovovavy namangy ahy tany amin'ny biraoko vao haingana. Rehefa nifarana ny famangiana dia nisy zatovovavy iray nanao tora-po niaraka tamin'ny ranomaso hoe: "Tsy mbola nieritreritra ny tenako ho tsara tarehy izany aho. Nahatsapa foana ho toy ny olona tsotra mahazatra fotsiny aho. Saingy ankehitriny, rehefa nandalo ilay fitaratra tao amin'ny biraonao aho dia nanopy maso tany ary hitako fa tsara tsarehy aho!" Tsara tarehy izy satria namiratra teny amin'ny tavany ny Fanahy. Nahita ny tenany toy ny nahitan'ny Ray any an-danitra azy izy. Nisoritra teny amin'ny tarehiny ny Endriny. Izany no atao hoe hatsarana anaty.

Ry zatovovavy, jereo ny fitaratry ny mandrakizay. Tsarovy hoe iza ianareo! Jereo toy ny ijeren'ny Ray any an-danitra anareo ny tenanareo. Voafidy ianareo. Avy amin'ny fizokiana ambony ianareo. Aza simbaina ilay lovanareo avy any an-danitra. Nateraka ho mpanjakavavy ianareo. Aoka ianareo mba ho mendrika ny hiditra ny tempoly ary rehefa tonga ao dia handray "izay rehetra ananan'ny Ray."[18] Ampivelaro ny hatsarana anaty. Tsy misy zavatra tsara jerena hafa mihoatra noho ny fahitana zatovovavy iray izay mamirapiratra miaraka amin'ny fahazavan'ny Fanahy sy mahatoky ary sahy satria masina izy.

Tsarovy fa zanaky ny Raintsika any an-danitra ianareo. Tena tia anareo tokoa Izy ka nalefany ny Zanakalahiny mba hanoro anareo ny fomba fiainana, mba hahafahanareo hiverina any Aminy indray andro any. Mijoro ho

vavolombelona aho fa raha manakaiky ny Mpamonjy ianareo, ny Sorompanavotany tsy manam-petra dia hanome fahafahana anareo hibebaka sy hiova ary hadio sy handray ny endriny hisoritra eo amin'ny tarehinareo. Ny Sorompanavotany dia hanome fahafahana anareo hatanjaka sy hanana fahasahiana rehefa manohy mijoro amin'ny fahamarinana sy manandratra ny fanevan'ny fahamasinana ianareo. Tena sarobidy ianareo. Ianareo no faneva!

Ary noho izany dia faranako amin' ny tenin'ny Tompo ho antsika tsirairay avy, izay zanakavaviny sarobidy ny teniko hoe: "Indro . . . ianao dia vehivavy nofinidy izay efa nantsoiko."[19] "Mandehana amin'ny lalan'ny hatsaran-toetra. . . . Hafoizo ny zavatr'izao tontolo izao. . . . Mifikira amin'ny fanekempihavanana izay efa nataonao . . . Tandremo lalandava ny didiko, dia handray ny satroboninahitry ny fahamarinana ianao."[20] Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'ny Mpamonjintsika Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo "Young Women Theme," *Young Women Personal Progress* (2009), 3.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:8.
3. Jereo 2 Nefia 25:26.
4. Helamàna 5:12.
5. "Carry On," *Fihirana amin'ny teny anglisy*, faha-255.
6. Josoa 1:9.
7. Josoa 3:5; Jereo koa ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ny hoe "Fahamasinana," scriptures.lds.org.
8. Almà 13:3.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:53–54.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:2, 10 sy 13.
12. Jereo Vaughn J. Featherstone, "The King's Son," *New Era,* Nôv. 1975, 35.
13. Ezra Taft Benson, "To the Young Women of the Church," *Ensign*, Nôv 1986, 85.
14. Mpanoratra tsy fantatra anarana; jereo Elaine S. Dalton, "It Shows in Your Face," *Ensign*, Mey 2006, 109.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45–46.
16. Parley P. Pratt *Key to the Science of Theology,* boky nivoaka faha-10 (1965), 101; nampiana fanamafisana.
17. Almà 5:14.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25: 3
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25: 2, 10, 13, 15

Fampisehoana horonan-tsary: Manana Tanjona Aho

Ity manaraka ity dia rakitsoratry ny horonan-tsary naseho nandritra ny fivoriamben'ny Zatovovavy maneran-tany, izay natao ny 27 Marsa 2010

Filoha Thomas S. Monson: "Averiko indray ry zandriko vavy malala isany fa na dia nisy hatrany aza ny fanamby teto amin'izao tontolo izao, ny ankamaroan'ireo izay hatrehanareo dia miavaka ho an'izao fotoana izao."[1]

Elaine S. Dalton, filohan'ny Zatovovavy maneran-tany: "Mba hahatonga sy hampitoetra antsika ho masina dia mila marina amin'ny famantarana masina manokana amin'ny maha-ianao anao ary mametraka fomba fisainana sy fihetsika mifototra amin'ny fitsipi-pitondrantena ambony ianao."[2]

Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany: "Mivavaka amin'ny foko manontolo aho mba hitomboan'ny finoanareo fa ianareo dia zanakavavin'ilay Andriamanitra be fitiavana."[3]

Mary N. Cook, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny Fiadidian' ny Zatovovavy maneran-tany: "Ianareo, ry zatovovavy malala dia efa nanao safidy tsara maro. Ankehitriny dia mila mametraka ohatra amin'ny fahamasinana ianareo, izay hihazona anareo amin'izao lalana izao mandritra ny fiainanareo manontolo."[4]

Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny